

AMPAHAN'NY TATITRA EITI 2018 HO AN'NY VONDROM-BAHOAKA ITSINJARAM-PAHEFANA

1 Fepetra #4.6 : Hetra aloa eny amin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana

Araky ny fepetra faha 4.6 ao amin'ny Fenitra EITI 2016, ny hetra aloa any amin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia mila ampitahaina ao anaty tatitra EITI raha manan-danja.

Ny hetra aloa any amin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia ireo vola (izay mahatratra na mihaotra ny sandampananan-danja nofaritin'ny Komitim-pirenena) noefain'ireo orinasa eny amin'ireo rafitra ifotony. Ny rafitra ifotony dia ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, ny Faritany mizakatena, ny Faritra, ny Kaominina.

1.1 Fisokajiana ireo hetra aloa eny amin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana

Ireo hetra lehibe izay raisin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana voalazan'ny lalana mankery eto Madagasikara dia:

► Ireo **hetram-bondrom-bahoaka**, izay aloan'ireo orinasa rehetra eny anivon'ny Kaominina, araky voalazan'ny boky faha II n'ny Lalàna mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana (CGI/ Code general des impôts). Anisan'izany ireo hetra alaina amin'ny tany¹, ireo hetra amin'ny trano miorina², ary ireo hetra sy haba hafa voalazan'ny Lalàna laharana faha 2014-020 momba ny fidiram-bolan'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Ny fafana manaraka dia manome ireo karazana hetram-bondrom-bahoaka. Marihina fa tsy voatery hihatra amin'ireo orinasa mpitrandraha izy ireo.

Fafana 1 : Ireo hetram-bondrom-bahoaka voalazan'ny Lalana mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana

Karazana hetra	Loharano
Hetra alaina amin'ny Tany (IFT)	CGI - Andininy 10.01.01.
Hetra amin'ny trano miorina (IFPB)	CGI - Andininy 10.02.01.
Hetra amin'ny fiarovana ara-tsivilly	CGI - Andininy 10.03.01.
Hetra amin'ny fonenana ho an'ny fampandrosoana	CGI - Andininy 10.04.01.
Haba fivahinianana	CGI - Andininy 10.05.01.
Hetra avy amin'ny lisansa	CGI - Andininy 10.06.01.
Haba isan-taona aloa amin'ny milina mandeha ho azy	CGI - Andininy 10.07.01.
Haba avy amin'ny fampiasana rano mineraly	CGI - Andininy 10.08.01.
Haba amin'ny dokambarotra	CGI - Andininy 10.09.01.

¹ Ny hetra alaina amin'ny tany dia hetra isan-taona izay raisin'ny Kaominina amin'ireo tompon-tany na mpampiasa ny tany.

² Ny hetra amin'ny trano miorina diahetra isan-taona izay raisin'ny Kaominina amin'ireo:

- trano;
- foto-drafitrasa ampiasain'ny orinasa ;
- kojakoja goan'ireo indostria.

Izy io dia aloan'ny tompony na ny mpampiasa arakaraky izay voasoratra amin'ny taratasy fampahalalana ny hetra araka izay voasoratra eny amin'ny kaominina.

Haba amin'ny fampiasana Jiro sy Rano	CGI - Andininy 10.10.01.
Haba alaina amin'ny fikarakarana fety, seho sy karazana hetsika maro samihafa	CGI - Andininy 10.11.01.
Haba alaina amin'ny fampiasana pylones, relais, antennes ou mâts	CGI - Andininy 10.12.01.
Haba amin'ny lalao atao amin'ny onjam-peo sy fahitalavitra	CGI - Andininy 10.13.01.

Loharano : *Lalàna mifehy ny fitatanam-bolam-panjakana (CGI/ Code general des impôts)*

► **Tamberimbidin'ny harena an-kibon'ny tany**, izay aloa eny amin'ny Kaominina na eny amin'ny Tahirim-bolam-panjakana an-toerana, miainga amin'ny filazana sy kaonty nataon'ny Birao misahana ny harena ankibon'ny tany (DGM / Direction Générale des Mines) na koa ny Birao iraisam-paritra misahana ny harena ankibon'ny tany (DIRM/ Direction Interrégionale des Mines). Izy io dia vola raisin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana noho ny famarotana ireo vato na metaly izay notrandrahana teo an-toerana.

Ny fandoavana ny tamberimbidin'ny harena an-kibon'ny tany eny amin'ny Kaominina dia voalazan'ny Didim-pitondrana laharana faha 21985/2007. Kanefa nohon'ny tsy fisian'ireo Kaominina sasany sy ny fahasamihafan'ny fisehon'ireo tetikasa fitrandrahana dia mametraka ny fandoavana ny tamberimbidy eny amin'ny Tahirim-bolam-panjaka ny Didim-pitondrana laharana faha 14421/2008 momba ny fomba fanangonana vonjimaika ny haba amin'ny harena ankibon'ny tany sy ny tamberimbidy azo avy amin'ny harena ankibon'ny tany ; ny Didim-pitondrana laharana faha 6927/2009 mikasika ny fanangonana ny haba amin'ny harena ankibon'ny tany sy ny tamberimbidy azo avy amin'ny harena ankibon'ny tany ho an'ireo mihazona ny fahazoan-dàlana E sy ireo izay sady mitrandraka no mamadika harena ankibon'ny tany ary ny Didim-pitondrana laharana faha 30679/2017 mahakasika ny fomba fanangonana ny tamberimbidy avy amin'ireo tetikasa fitrandrahana goavana.

Araka izany dia tsy maintsy eny amin'ny Tahirim-bolam-panjakana no mandoa ny tamberimbidy ireo mpitrandraka manana fahazoan- dālana E sy ireo izay sady mitrandraka no mamadika harena an-kibon'ny tany toa ny orinasa QMM SA sy ny tetikasa Ambatovy. Ireo mpitrandraka madinika mihazona ny fahazoan-dālana PRE sy ireo mpitrandraka volamena amin'ny alalan'ny fanasivanana kosa dia afaka misafidy ny andoa izany eny amin'ny Kaominina na eny amin'ny Tahirim-bolam- panjakana akaiky azy.

Amin'ny tranga voalohany, ny Kaominina dia sady mametraka ny sandan'ny tamberimbidy arakaraky ny fanambarana ataon'ny orinasa, no mandray izany koa. Ny anjarany amin'ny tamberimbidy raisiny dia omeny ny mpitantam-bolan'ny Kaominina. Ny ambiny kosa dia aloany any amin'ny Tahirim-bolam-panjakana izay mizara izany amin'ireo rafitra hafa manana anjara amin'izany.

Amin'ny tranga faharoa dia ny Tahirim-bolam-panjakana no mandray ny tamberimbidin'ny harena an-kibon'ny tany, miainga amin'ny taratasy fandoavan-ketra izay natontan'ny Birao misahana ny fitrandrahana, ka mizara ny anjaran'ny vondrom-bahoaka tsirairay.

1.2 Fampitahana

Ho an'ny taona 2018, dia ny tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany ihany no vola naloa teny amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana nahatratra ny sandam-pananan-danja voafaritra. Araka izany dia nampitahana, ao amin'ny fizarana momba izany anaty tatitra, ny tamberimbidy nambaran'ny orinasa fa naloany sy ny tamberimbidy nolazain'ny fanjakana fa noraisiny.

Na dia milaza aza ny lalàna fa misy ny tamberimbidy izay afaka aloa eny amin'ny Kaominina (ho an'ireo mpitrandraka madinika), dia mandoa izany eny amin'ny Tahirim-bolam-panjakana avokoa ireo orinasa izay resahina ato amin'ity tatitra ity. Noho izany dia ho velabelarina ao amin'ny fizarana manaraka izay mikasika ny fitsinjaram-bola amin'ireo ratsam-panjakana ny tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany.

2 Fepetra #5.2: Famindram-bola amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana

Ny fepetra faha 5.2 ao amin'ny Fenitra EITI 2016 dia mitaky ny famoahana tanteraka ho fanta-bahoaka ny:

- ▶ Famindram-bola natao ;
- ▶ Fomba tokony itsinjarana (raikipohy) izany;
- ▶ Ny elanelana misy eo amin'ny tokony itsinjarana ny famindram-bola sy ny fitsinjarana tena natao.

Amin'izany dia antsoina hoe famindram-bola amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ny fizarana sy ny famindrana ny vola azo avy amin'ny asa fitrandrahana, araky ny voalazan'ny Lalampanorenana, lalàna sy izay rehetra mandidy fizarambola amin'ireo ratsam-panjakana. Izany hoe ny famindrana ny vola raisin'ny rafim-panjakana foibe any amin'ireo ratsam-panjakana samihafa no ho voaboasana eto.

Ireo vola ireo dia miavaka amin'ireo hetra sy haba izay aloa eny amin'ny biraon'ny hetra na ny biraon'ny fadin-tseranana sy ireo hetra aloa eny amin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izay tsy zaraina amin'ny ratsam-panjakana hafa.

Misy fikoriam-bola volazan'ny lalàna malagasy, izay tafiditra ao amin'izany famindram-bola amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izany.

2.1 Famindram-bola amin'ireo ratsam-panjakana eo amin'ny sehatry ny vato sy metaly

Ireo voakasika amin'ny famindram-bola amin'ny ratsam-panjakana dia ny saram-pitantanana ny harena ankibon'ny tany ary ireo haba sy ireo tamberimbodin'ny harena ankibon'ny tany voaraikitra ao amin'ny Bokin-dalàna momba ny harena ankibon'ny tany na "Code minier".

2.1.1 Saram-pitantanana ny harena ankibon'ny tany

Ny saram-pitantanana ny harena ankibon'ny tany dia vola tokony aloan'ireo nahazo fahazoan-dàlana hitrandraka, ho famerenana ny vidin'ny asa fitantana sy ny tombontsoa azo avy amin' izany fahazoan-dàlana. Ny saram-pitantanana dia aloa eny amin'ny BCMM isaky ny telo volana. Aorian'izany dia manangana toe-pitsinjarana ny BCMM ho an'ny Recette Générale d'Antananarivo (RGA) ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana izay manao ny fitsinjarana any amin'nireo ratsam-panjakana samihafa.

2.1.1.1 Fitsinjarana ny saram-pitantanana araky ny tokony ho izy

Ny saram-pitantanana ny Harena ankibon'ny tany dia tokony ho tsinjaraina toy izao:

Fafana 2 : Raikipohy fitsinjarana ny saram-pitantanana

EY

Saram-pitantanana ny harena ankibon'ny tany	68%	60%	BCMM		
		8%	Rafitra mpanara-maso, polisy, rafitra ho an'ny tontolo iainana	1,75%	Birao maharitra ny Vaomieran'ny fitrandrahana goavana
				1%	Serivisy fitantanana ny indostria fitrandrahana
				0,25%	Birao misahana ny lalàna
				1%	Serivisin'ny fanraha-maso ny asa
				2%	Biraon'ny polisin'ny fitrandrahana
				2%	Rafitra misahana ny Fandalinana ny tontolo iainana stratejika
	5%	Komitim-pirenen'ny harena ankibon'ny tany			
	2%	ANOR			
	5%	Faritany mizakatena			
	7%	Faritra			
	12%	Kaominina			
	1%	Tetibola ankapobeny	0,40%	Birao misahana ny harena ankibon'ny tany	
			0,40%	Birao iraisam-paritra misahana ny harena ankibon'ny tany	
			0,20%	Polisin'ny harena ankibon'ny tany	

Loharano : Code Minier sy Didim-panjakana fampiharana

2.1.1.2 Ny vola tokony horaisin'ireo ratsam-panjakana ny taona 2018

Tamin'ny taona 2018 dia nandray saram-pitantanana 12,14 lavitrisa Ariary ny BCMM araky ny tatitra avokany isan-taona. Raha ampiaharina ny raikipohy nomena etsy ambony, dia toy izao ny vola tokony noraisin'ireo ratsampanjakana manana anjara amin'nysaram-pitantanana:

Fafana 3 : Ireo saram-pitantanana tokony raisin'ireo ratsam-panjakana manana anjara amin'izany ny taona 2018 (Ariary)

			Tahan'anjara (isan-jato)	Fitambaran'ny Vola tokony horaisina	Fitambarany
Saram-pitantanana voaray tamin'ny 2018			100.00%	12,145,508,175.00	
Anjara vola tokony horaisina					
BCMM	BCMM		BCMM	7,287,304,905.00	7,287,304,905.00
	MMRS	Birao maharitra ny Vaomieran'ny fitrandrahana goavana	1.75%	212,546,393.06	971,640,654.0
		Serivisy fitantanana ny indostria fitrandrahana	1.00%	121,455,081.75	
		Birao misahana ny lalàna	0.25%	30,363,770.44	
		Serivisin'ny fanraha-maso ny asa	1.00%	121,455,081.75	
		Biraon'ny polisin'ny fitrandrahana	2.00%	242,910,163.50	
		Rafitra misahana ny Fandalinana ny tontolo iainana stratejika	2.00%	242,910,163.50	
Komitim-pirenen'ny harena ankibon'ny tany			5.00%	607,275,408.75	607,275,408.75
ANOR			2.00%	242,910,163.50	242,910,163.50
Faritany mizakatena			5.00%	607,275,408.75	607,275,408.75
Faritra			7.00%	850,185,572.25	850,185,572.25
Kaominina			12.00%	1,457,460,981.00	1,457,460,981.00
Tetibola ankapobeny		Birao misahana ny harena ankibon'ny tany	0.40%	48,582,032.70	121,455,081.75
		Birao iraisam- paritra misahana ny harena ankibon'ny tany	0.40%	48,582,032.70	
		Polisin'ny harena ankibon'ny tany	0.20%	24,291,016.35	

Loharano : EY

Ny fampitahana ny fitsinjarana natao araky ny toe-pitsinjaran'ny BCMM sy ny anjara saram-pitantanana izay tokony noraisin'ireo ratsampanjakana dia toy izao :

Fafana 4 : Elanelana misy eo amin'ny anjara vola tokony ho azo sy ny anjara vola notsinjaraina tamin'ny saram-pitantanana ny harena ankibon'ny tany voaray (Ariary)

Tompom-bola	Raikipohy ny fitsinjarana	Anjara vola tokony ho azo (A)	Anjara vola nomena (B)	Elanelana (B- A)
BCMM	60%	7,287,304,905.00	7,287,304,905.00	0.00
MMRS	8%	971,640,654.00	990,000,000.00	18,359,346.00
Komitim-pirenen'ny harena ankibon'ny tany	5%	607,275,408.75	2,437,147,000.00	1,829,871,591.25
ANOR	2%	242,910,163.50	273,853,168.80	30,943,005.30
FARITANY MIZAKATENA	5%	607,275,408.75	0.00	-607,275,408.75
FARITRA - Fitsinjarana ny anjara tamin'ny taona 2017	7%	850,185,572.25	958,412,579.60	108,227,007.35
KAOMININA	12%	1,457,460,981.00	5,231,503,280.09	3,774,042,299.09
TETIBOLA ANKAPOBENY	1%	121,455,081.75	0.00	-121,455,081.75
Fitambarany		12,145,508,175.00	17,178,220,933.49	5,032,712,758.49

Loharano : EY

Ny BCMM dia mamoka ny vola notsinjarainy isaky ny Kaominina nandritra ny enim-bolana voalohan'ny taona 2018 ao amin'ny tranokalan'ny ³.

Ireo Faritra izay nomen'ny BCMM anjara saram-pitantanana tamin'ny taona 2018 kosa dia tanisaina ao amin'ny famenon'ny tatitra.

Ny fampitahana dia mampiseho elanelana eo amin'ny vola notsinjaraina sy ny vola tena noraisin'ny MMRS, ny Komitim-pirenen'ny harena ankibon'ny tany, ny ANOR, ireo Faritra sy ireo Kaominina. Io elanelana io dia avy amin'ny fahataran'ny fitsinjarana amin'ireo ratsam-panjakana. Ho an'ireo Faritany mizakatena, ireo Faritra, ireo Kaominina ary tetibola ankapobeny, ny fitsinjarana dia tokony hitohy sy handeha ho azy. Kanefa, noho ny fiovan'ny fizaram-panjakana tamin'ny taona 2015 dia nahato ny fitsinjarana mandrapahafantarana ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izay manana anjara amin'ny saram-pitantanana. Ankehitriny dia efa voafaritra ireo manana anjara saingy misy fahatarana ny fitsinjarana ny anjara saram-pitantanana. Ho an'ny Faritany mizakatena manokana dia miangona ao amin'ny BCMM ny anjarany satria tsy mbola voatsangana izy ireo. Marihina fa tamin'ny taona 2018, dia mbola tsy tanteraka ny famindrana ireo anjaran'ny tetibola ankapobeny amin'ny sara-pitantanana.

Ny fitsinjarana ny anjara saram-pitantanana ho an'ny MMRS, ny Komitim-pirenen'ny harena ankibon'ny tany sy ny ANOR, kosa dia miankina amin'ny fangatahana izay ataon'izy ireo amin'ny BCMM. Mitàna toe-pitsinjarana ihany ny BCMM, saingy nohon'ny fitsinjarana miankina amin'ny fangatahana voaray dia sarotra ny milaza hoe anjara saram-pitantanana tamin'ny taona firy ilay tsinjarain'ny BCMM.

Noho izany toe-java-misy izany dia toy izao ny fisehon'ny saram-pitantanana izay tsy mbola voatsinjaran'ny BCMM:

Fafana 5 : Ny anjara saram-pitantanana ampiandrasana fitsinjarana (Ariary)

³ <http://bcmm.mg/repartition-fa-communes-premier-semestre-2018/>

Anjara saram-pitantanana tsy mbola voatsinjara tamin'ny taona 2018	
Faritany mizakatena	7,922,238,383.60
Faritra	1,123,571,173.92
Kaominina	1,218,068,099.48
Tetibola ankapobeny	415,832,046.61
MMRS	5,683,153,681.96
CNM	993,515,842.60
ANOR	1,140,090,181.82
Fitambarany	18,496,469,409.99

Loharano : BCMM

Ny saram-pitantanana nolazain'ny orinasa fa naloany sy ny saram-pitantanana izay nambaran'ny BCMM fa noraisiny tamin'ny taona 2018 dia ampitahaina ao amin'ny fizarana mikasika ny fampitahana ny fikoriam-bola manan-danja.

2.1.1 Haba amin'ny harena ankibon'ny tany

Ny haba amin'ny harena an-kibon'ny tany dia raisin'ireo ratsam-panjakana sy rafim-panjakana ivony. Tahaka ny tamberimbidin'ny harena an-kibon'ny tany, dia ny orinasa efa amin'ny dingan'ny fitrandrahana no mandoa ny haba ary alaina amin'ny vidin'ny vato sy metaly novokarina izany.

Ny Didim-pitondrana laharana faha 21985/2007 dia milaza fa ny lehiben'ny boriboritany (Chef d'arrondissement administratif) no manangona ny haba, araky ny taratasin-ketra avy amin'ny Kaominina. Ny haba raisiny dia arotsany any amin'ny Tahirim-bolam-panjakana izay mizara izany amin'ireo manana anjara rehetra.

Noho ny tsy fisian'ireo Kaominina sasany sy ny fahasamihafan'ny fisehon'ireo tetikasa fitrandrahana anefa dia mapetraka ny fandoavana ny haba amin'ny harena an-kibon'ny tany eny amin'ny Tahirim-bolam-panjakana, miainga amin'ny taratasin-ketra izay natontan'ny birao misahana ny harena an-kibon'ny tany, ny Didim-pitondrana laharana faha 14421/2008 momba ny fomba fanangonana vonjimaika ny haba amin'ny harena ankibon'ny tany sy ny tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany ; ny Didim-pitondrana laharana faha 6927/2009 mikasika ny fanangonana ny haba amin'ny harena ankibon'ny tany sy ireo tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany ho an'ireo mihazona ny fahazoan-dàlana E sy ireo izay sady mitrandraka no mamadika harena ankibon'ny tany.

Araka izany dia tsy maintsy eny amin'ny Tahirim-bolam-panjakana no mandoa ny haba amin'ny harena ankibon'ny tany ireo mpitrandraka manana fahazoan-dàlana E sy ireo sady mitrandraka no mamadika harena an-kibon'ny tany. Ireo mpitrandraka madinika mihazona ny fahazoan-dalàna PRE sy ireo mpitrandraka volamena amin'ny alalan'ny fanasivanana kosa dia afaka misafidy ny andoa izany eny amin'ny Lehiben'ny Boriboritany na eny amin'ny Tahirim-bolam-panjakana akaiky azy.

Toy izao ny raikipohy fitsinjarana ny haba amin'ny harena an-kibon'ny tany araky ny Didim-panjakana fampiharana ny code minier.

Fafana 6 : Raikipohy fitsinjarana ny haba amin ny harena ankibon'ny tany

0,60%	Haba amin'ny harena ankibon'ny tany	10%	BCMM	2%	BCMM
				5%	Institut de Gemnologie de Madagascar
				1%	Serivisin'ny fanaraha maso ny harena ankibon'ny tany
				0,5%	Birao maharitra ny Vaomieran'ny fitrandrahana goavana
				0,5%	Birao ivony misahana ny harena ankibon'ny tany ho an'ny asa fampiroboroana ny fitrandrahana sy ny serasera
				0,5%	Birao misahana ny famparitahana ny didy aman-dalàna
				0,5%	Biraon'ny fanombanana sy ny fandrindrana ireo rafitra sahanina
		15%	ANOR		
		10%	Komitim-pirenen'ny harena ankibon'ny tany		
		65%	Tetibola ankapobeny	Birao misahana ny harena ankibon'ny tany	
				Birao iraisam-paritra misahana ny harena ankibon'ny tany	
				Polisin'ny harena ankibon'ny tany	

Loharano : Code Minier sy Didim-panjakana fampiharana

Ny fafana manaraka dia mampitaha ny haba notsinjarain'ny RGA araky ny toe-pitsinjarana tamin'ny taona 2018 amin'ny tokony ho anjara haba:

Fafana 7 : Elanelana misy eo amin'ny anjara vola tokony ho azo sy ny anjara vola notsinjaraina tamin'ny haba amin ny harena ankibon'ny tany (Ariary)

Tompom-bola	Raikipohy ny fitsinjarana	Anjara vola tokony ho azo (A)	Anjara vola nomena (B)	Elanelana (B- A)
BCMM	10%	294,728,230.20	385,077,903.15	90,349,672.96
ANOR	15%	442,092,345.29	576,721,068.34	134,628,723.05
Komitim-pirenen'ny harena ankibon'ny tany	10%	294,728,230.20	514,919,643.22	220,191,413.03
Teti-bola ankapobeny	65%	1,915,733,496.27	1,470,563,687.24	- 445,169,809.03
Fitambarany		2,947,282,301.95	2,947,282,301.95	-

Loharano : RGA

Ny anjara haba tena notsinjaraina tamin'ny BCMM, ny ANOR sy ny Komitim-pirenen'ny harena ankibon'ny tany dia lehibe noho ny tokony ho anjarany. Ny anjara vola tena notsinjaraina tamin'ny tetibola ankapobeny kosa dia kely noho ny tokony ho anjarany. Ireo elanelana ireo dia noho ny fitsinjarana tsikelikely ataon'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Ny haba amin'ny harena an-kibon'ny tany dia fikoriam-bola manan-danja, koa ampitahaina ao amin'ny fizarana mikasika ny fampitahana ny fikoriam-bola manan-danja.

2.1.2 Tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany

Ny Tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany dia vola alaina amin'ny vidin'ny vato sy metaly novokarina ary aloan'ireo orinasa efa amin'ny dingana fitrandrahana.

Araky ny voalaza etsy ambony, dia afaka aloa eny amin'ny Kaominina na eny amin'ny Tahirim-bolam-panjakana ny tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany.

Nanomboka tamin'ny lalàna laharana faha 2014-020 momba ny fidirambolan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, dia toa izao ny fitsinjarana ny Taberimbidin'ny harena ankibon'ny tany:

Fafana 8 : Raikipohy fitsinjarana ny tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany

1,4%	Tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany	10%	Fonds National de Péréquation		
		90%	CTD	60%	Kaominina
				30%	Faritra
				10%	Faritany mizakatena

Loharano : Code Minier

Ny fafana manaraka dia mampitaha ny anjara tamberimbidy notsinjarain'ny RGA araky ny toe-pitsinjarana 2018 amin'ny tokony ho anjara:

Fafana 9: Elanelana misy eo amin'ny fampiharana ny raikipohy fitsinjarana ny tamberimbidy ny harena ankibon'ny tany sy ny anjara vola tena notsinjaraina (Ariary)

Tompom-bola	Raikipohy ny fitsinjarana	Anjara vola tokony ho azo (A)	Anjara vola nomena (B)	Elanelana (B- A)
Fonds National de Péréquation	10%	552,349,027.26	714,412,756.05	162,063,728.80
Faritany mizakatena	10% ny 90% ny tamberimbidy	497,114,124.53	518,054,734.52	20,940,609.99
Faritra	30% ny 90% ny tamberimbidy	1,491,342,373.59	1,427,818,569.85	- 63,523,803.74
Kaominina	60% ny 90% ny tamberimbidy	2,982,684,747.18	2,863,204,212.13	- 119,480,535.05
Fitambarany		5,523,490,272.55	5,523,490,272.55	-

Loharano: EY

Ny anjara tamberimbidy notsinjaraina tamin'ny Faritra sy ny Kaominina dia kely noho ny tokony ho anjarany. Ny anjara tamberimbidy notsinjarainaa tamin'ny Fonds national de Péréquation sy ny Faritany mizakatena kosa dia betsaka noho ny tokony ho anjarany. Ireo elanelana ireo dia noho ny fitsinjarana tsikelikely ataon'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Ny haba amin'ny harena an-kibon'ny tany dia fikoriam-bola manan-danja, koa ampitahaina ao amin'ny fizarana mikasika ny fampitahana ny fikoriam-bola manan-danja.

2.1.2.1 Momba ny tamberimbidy ny harena ankibon'ny tany aloan'ny tetikasa Ambatovy

ny Didim-pitondrana laharana faha 30679/2017 sy ny Didim-pitondrana laharana faha 8902/2018 no mifehy ny fitsinjarana ny tamberimbidy avy amin'ny tetikasa Ambatovy.

Toy izao ny fitsinjarana ny tamberimbidy aloan'ny tetikasa Ambatovy:

Fafana 10 : Raikipohy fitsinjarana ny tamberimbidin'ny Harena an-kibon'ny tany aloan'ny tetikasa Ambatovy

1,4%	Tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany	10%	Fonds National de Préquation							
		90%	Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana	60%	Kaominina	33%	Kaominina-Sokajy A	18,15%	Ambohibary	
								11,55%	Andasibe	
								3,30%	Morarano Gara	
						12%	Kaominina-Sokajy B	6%	Amboditandroho Mahatsara	
								6%	Toamasina Suburbaine	
								1,25%	Ambalarondra	
						12%	Kaominina - Sokajy C	0,45%	Ambatovola gara	
								0,35%	Ambinaninony	
								0,23%	Amboditanroho Mahatsara	
								0,67%	Ampasimadinika	
								1,19%	Ampasimbe	
								1,57%	Andasibe	
								1,38%	Anivorano Est	
								0,46%	Beforona	
								1,56%	Fanandrana	
								0,41%	Antsapanana	
								1,39%	Ranomafana Est	
								0,37%	Vohipeno Razanaka	
								0,72%	Vohitravinona	
				3%	Kaominina - Sokajy D			0,43%	Amboditandroho Mahatsara	
						0,43%	Ambohibary			
						0,43%	Brickaville			
						0,43%	CU Toamasina			
						0,43%	Fanandrana			
						0,43%	Moramanga			
						0,43%	Toamasina suburbaine			
				30%	Faritra	18,17%	Alaotra Mangoro	16,50%	Sokajy A	
								1,24%	Sokajy C	
								0,43%	Sokajy D	
						11,83%	Atsinanana	6%	Sokajy B	
				4,76%	Sokajy C					
				1,07%	Sokajy D					
				10%	Faritany mizakatena					

Loharano : Didim-pitondrana laharana faha 30679/2017 sy 8902/2018

Araky ny andininy faha-7n'ny Didim-pitondrana mikasika manokana ny tetikasa Ambatovy, dia zaraina amin'ireo Kaominina voakasiky ny tetikasa (75%) sy ireo Faritra voakasiky ny tetikasa (25%) ny anjara izay tokony ho an'ny Faritany mizakatenanan'ny Toamasina am-piandrasana ny fametrahana io rafitra io.

Ny fitambaran'ny anjara tokony ho raisin'ireo Kaominina sy ireo Faritra dia toy izao:

Fafana 11 : Taha isan-jaton'ny totalim-bola tokony omena Kaominina et Faritra

	Sokajy A	Sokajy B	Sokajy C	Sokajy D	Fitambaran'ny anjara tamberimbola (miampy ny anjaran'ny Faritany mizakatena)
Kaominia	37.13%	13.50%	13.50%	3.38%	67.50%
Faritra	17.88%	6.50%	6.50%	1.63%	32.50%

Loharano : Didim-pitondrana faha 8902/2018

Ny 31 Aogositra 2018, ny AMSA dia nanefa tamberimbidy mitentina 61 481 250 243 Ariary teny amin'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina. Io vola io dia tamberimbidy tokony naloan'ny tetikasa Ambatovy hoan'ny telo volana farany tamin'ny taona 2012 hatramin'ny telo volana faharoa amin'ny taona 2018. Io fanefana ny tamberimbidy io dia natao araky ny didim-pitondrana laharana faha 8902/2018 mamaritra ny fisokajiana, ny taham-pitsinjarana ny tamberimbidy avy amin'ny harena ankibon'ny tany isaky ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana voakasiky ny tetikasa Ambatovy.

Sary 1 : Sarin'ny taratasim-bola nandrotsahan'ny Ambatovy ny tamberimbidy tany amin'ny Tahirim-bolam-panjakana



Loharano : Tranonkala Ambatovy

Tamin'ny volana Martsa 2019 no nanefan'ny AMSA ireo tamberimbidy hoan'ny enim-bolana faharoan'ny taona 2018 izay mitentina 7 757 265 819 Ariary.

Ny fomba fitsinjarana ny tamberimbidy naloa dia toy izao manaraka izao :

Fafana 12 : Anjara vola tokony horaisin'ireo ratsam-panjakana amin'ny tamberimbidy narotsaky ny tetikasa Ambatovy araky ny raikipohy fitsinjarana ho an'ny telo volana faran' ny taona 2012 hatramin'ny enim-bolana voalohan'ny taona 2018

		Raikipohy ny fitsinjarana	Anjara vola tokony ho azo (Ariary)	Fitambarany
Tamberimbidy hoan'ny telo volana faran' ny taona 2012 hatramin'ny enim-bolana voalohan'ny taona 2018		100%	61,481,250,243.00	-
Anjara tokony horaisina				
FDL/ Fonds National de Préquation		10%	6,148,125,024.30	6148125024.30
Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana (90% ny 100%)	Kaominina	67,5% ny 90%	37,349,859,522.62	55,333,125,218.70
	Faritra	32,5% ny 90%	17,983,265,696.08	

Loharano: EY

Fafana 13: Anjara vola tokony horaisin'ireo ratsam-panjakana amin'ny tamberimbidy narotsaky ny tetikasa Ambatovy araky ny raikipohy fitsinjarana hoan'ny enim-bolana faharoa ny taona 2018

		Isanjato	Anjara vola tokony ho azo (Ariary)	Fitambarany
Tamberimbidy hoan'ny enimbolana faharoa ny taona 2018 (naloa tamin'ny Martsa 2019)		100%	7,757,265,819.00	-
Anjara tokony horaisina				
FDL/ Fonds National de Péréquation		10% de 100%	775,726,581.90	775,726,581.90
Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana (90% ny 100%)	Kaominina	67,5% de 90%	4,712,538,985.04	6,981,539,237.10
	Faritra	32,5% de 90%	2,269,000,252.06	

Loharano : EY

Ny fampitahana ny tokony ho fitsinjarana ny tamberimbidy naloan'ny AMSA araky ny Didim-pitondrana sy ny tenan fitsinjarana nataon'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina araky ny toe-pitsinjarana voarainy dia miseho toy izao :

► Fonds National de Péréquation

Mikasika ny anjaran'ny Fonds national de péréquation izay tantanan'ny Fonds de Développement Local (FDL) dia mapiseho ny fafana etsy ambany fa manaraka ny tokony ho fitsinjarana ny tamberimbidy voalazany Didim-pitondrana sy ny toe-pitsinjarana voarain'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina,

Fafana 14: Fampitahana ny anjara tamberimbidin'ny FDL amin'ny tamberimbidy narotsaky ny tetikasa Ambatovy hoan'ny telo volana faran'ny taona 2012 hatramin'ny enim-bolana voalohan'ny taona 2018 araky ny fitsinjarana voalazan'ny Didim-pitondrana sy araky ny toe-pitsinjarana nataon'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina (Ariary).

Tompom-bola	Raikipohy fitsinjarana	Anjara vola tokony ho azo (A)	Anjara vola nomena (B)	Elanelana (B-A)
FDL/ Fonds National de Péréquation	10% de 100%	6,148,125,024.30	6,148,125,024.00	-0.30

Loharano: EY sy Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina

Fafana 15: Fampitahana ny anjara tamberimbidin'ny FDL amin'ny tamberimbidy narotsaky ny tetikasa Ambatovy hoan'ny enim-bolana faharoan'ny taona 2018 araky ny fitsinjarana voalazan'ny Didim-pitondrana sy araky ny toe-pitsinjarana nataon'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina (Ariary).

Tompom-bola	Raikipohy fitsinjarana	Anjara vola tokony ho azo (A)	Anjara vola nomena (B)	Elanelana (B-A)
FDL/ Fonds National de Péréquation	10% de 100%	775,726,581.90	775,726,582.00	0.10

Loharano : EY sy Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina

► Kaominina

Ireo anjara volan'ireo Kaominina dia arotsaky ny Tahirim-bolam-panjakana tsikelikely araky ny tetibolan'izy ireo sy araka izay fangatahana ataon'izy ireo. Mikasika ny fandraisana io anjara tamberimbidy io dia mitaraina ny sasany amin'ireo kaominina nohon'ny tsy fandrotsahan'ny Tahirim-bolam-panjakana ny anjaran'izy ireo sy ny havesaran'ny fepetra sy dingana tsy maintsy arahina sy ny antontan-taratasy rehetra ilaina.

Ny anjara tamberimbidy dia mamatsy ny tetibolan'ny Faritra sy ny Kaominina. Ny Didim-pitondrana laharana faha 3079/2017 dia mametraka ny fampiasan'ny vondrom - bahoaka itsinjaram-pahefana ny anjara tamberimbidy toy izao:

- 30% atokana ho an'ny fandania amin'ny fampandehanan-draharaha mahazatra
- 70% atokana ho an'ny fandania ho fampivoarana sy fanajariana ny tany ary ho fampandrosoana maharitra.

Kanefa raha ny fanazavana noentin'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina dia noferany ho 20% ny fandania amin'ny fampandehanan-draharaha ary 80% ny fandania ho fampivoarana mandrapaha-tapitry ny taom-piasana 2018, mba isorohona ny fandania tsy vohevitra tsara. Ny fitarainana momba ny havesatry ny fepetra sy dingana tsy maintsy arahina amin'ny fahazoana ny anjara vola kosa dia vokatra ny fametrahana ireo fepetra sy dingana vaovao izay tsy maintsy arahina (fanantanterahana ny fifanarahana sy famokarana ny taratasy fanamarinana rehetra).

Ireto fafana manaraka ireto dia mampiseho fa ny toe- pitsinjarana arahin'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina dia manaja ny raikipohy fitsinjarana ny vola araky ny voalazan'ny Didim-pitondrana mahakasika ny anjara volan'ny Kaominina avy amin'ny tamberimbidy naloan'ny tetikasa Ambatovy:

Fafana 16: Fampitahana ny fitsinjarana ny tamberimbidy ho an'ny Kaominina nandritry ny telo volana faran'ny taona 2012 hatramin'ny enim-bolana voalohany amin'ny taona 2018 araky ny Didim-pitondrana sy ny toe-pitsinjarana voarain'n'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina (Ariary).

#	Sokajy	Kaominina	Faritra	Raikipohy fitsinjarana (tsy miaraka amin' ny anjaran'ny Faritany ftena)	Anjara vola tokony horaisin'ny Kaominina (tsy miaraka amin'ny anjaran'ny Faritany mizakatena) (A)	Raikipohy fitsinjarana (miaraka amin'ny anjaran'ny Faritany mizakatena)	Anjara vola tokony ho raisin'ny Kaominina (miaraka amin'ny anjaran'ny Faritany mizakatena) (A)	Sandam-bola voalaza ao amin'ny toe-pitsinjarana ampiasain'ny Tahirim-bolam-panjakan'ny Toamasina (B)	Elanelana (B-A)
1	Sokajy C	Ambalarondra	Atsinanana	1.2480000%	690,557,402.73	1.403995320%	776,874,488.49	776,877,078.00	2,589.51
